
# Usaid Madagascar. Rano, Water, Eau: 90 millions USD sur 5 ans

Lundi, 15 Avril 2019 15:21 -





Embassy of the United States
ANTANANARIVO

USAID
FROM THE AMERICAN PEOPLE

**FILAZANA AN-GAZETY**
**08 Aprily 2019**

**Notokanan'ny Governemanta Amerikana ny Tetikasam-pahasalamana goavana indrindra tamin'izay novatsiany teto Madagasikara**

*Hanatsara ny asam-pahasalamana omena ny Malagasy miisa 16 tapitrisa ny Tetikasa ACCESS, izay haharitra dimy taona*

**ANTANANARIVO**: Nambaran'ny fanjakana Amerikana, amin'ny alàlan'ny Sampan-draharaha Amerikana misahana ny Fampandrosoana Iraisam-pirenena (USAID), miaraka amin'ny Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka eto Madagasikara (MOPH), tamim-pomba ofisialy omaly ny fanombohan'ny Tetikasa "*Accessible Continuum of Care and Essential Services* (ACCESS)" izay haharitra dimy taona ary mitentina 90 tapitrisa dolara. Ity tetikasam-pahasalamana ity izay vatsian'ny USAID vola dia mikendry indrindra ny hanatsara sy hanitatra ny asam-pahasalamana omena ny vahoaka Malagasy.

Ny tetikasa ACCESS dia hampitombo ny fahazoana asam-pahasalamana tsara kalitao, hanatsara ny fotodrafitrasan'ny fahasalamana, hanamafy ny fahaiza-manaon'ny rafitry ny fahasalamana malagasy, ary hampiroborobo ny fitondrantena ara-pahasalamana eo anivon'ny fiarahamonina malagasy. I *Management Sciences for Health* (MSH), fikambanana amerikana tsy miankina misahana ny fahasalamana maneran-tany, izay efa manana haizatra amin'ny asa eto Madagasikara, no hitantanana ny tetikasa, miaraka amin'ny sampandraharaha maro eto an-toerana sy avy any ivelany.

Nanambara ny Ambasadaoron'i Etazonia miasa eto amin'ny Repoblikan'i Madagasikara, Atoa Michael P. Pelletier, fa "ny tetikasa ACCESS no tetikasam-pahasalamana goavana indrindra tamin'izay novatsian'i Etazonia teto Madagasikara, ary manamafy ny fiarahamiasa matanjaka misy eo amin'ny firenna roa tonta. Miaraka i Etazonia sy Madagasikara, hoy izy, mamonjy aina, mampandray andraikitra ny fiarahamonina ary mitady vahaolana maharitra."

Vahoaka eo amin'ny 16 tapitrisa eo ho eo no handray tombontsoa avy amin'ny tetikasa ACCESS, izay hiasa any amin'ny faritra 10 eto Madagasikara (Atsinanana, Vatovavy Fitovinany, Atsimo Andrefana, Menabe, Melaky, Boeny, Sofia, Diana, Sava ary Analanjirofo) mba hanatrarana ireto tanjona telo ireto:

1) Hisy lalandava ny tolotra ara-pahasalamana tsara kalitao omena ny Malagasy any amin'ny kaominina rehetra iasan'ny tetikasa,

2) Ho tsara fiasa ny rafitry ny fahasalamana ka hanohana ny fanomezana asam-pahasalamana tsara kalitao, ary

3) Hampihatra fitondran-tena sy fitsipika sosialy ara-pahasalamana ny vahoaka malagasy.

Ny fandaharanasa ACCESS moa dia hanolotra kojakosa sy raharaha ho an'ny fandrindrana fiainam-pianakaviana sy ho an'ny fahasalamana ara-pananahana any amin'ny faritra Vakinakaratra, Amoron'i Mania ary Haute Matsiatra.

Hanampy ny fanjakana malagasy hanatsara ny fiantraika ara-pahasalamana maharitra eo anivon'ny vahoaka malagasy ny fanjakana amerikana amin'ny alalan'ny tetikasa ACCESS, sy hanamafy ny fitantanan'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka ny sehatry ny fahasalamana, ahafahan'i Madagasikara mizotra eo amin'ny lalan'ny fampandrosoana.

**Mikasika ny USAID Madagascar**

Ny Sampandraharaha Amerikana Misahana ny Fampandrosoana Iraisam-pirenena (USAID) dia sampana fanampiana ny firenena vahiny eo anivon'ny governemanta Amerikana. Ny volana septambra 1984 no nisokatra ny birao foiben'ny USAID teto Madagasikara. Tamin'ny taona 2018 ny USAID dia nanolotra fanampiana mitentina 80 tapitrisa dolara eo ho eo, sy fanampiana vonjy taitra mitentina 24,5 tapitrisa dolara ho an'ny vahoaka malagasy, ka ny sehatra iasany dia ny fahasalamana, ny fanjarian-tsakafo, ny tontolo iainana ary ny tsara tantana. Raha te hahalala misimisy kokoa momba ny USAID Madagascar sy ny tetikasany ianao, tsidiho ny www.usaid.gov/madagascar.

###

Embassy of the United States
ANTANANARIVO

USAID FROM THE AMERICAN PEOPLE

**PRESS RELEASE**
**08 April 2019**

## The United States Government Launches its Largest Ever Health Project in Madagascar

*The five-year ACCESS Health Program will improve health services for nearly 16 million Malagasy people*

**ANTANANARIVO** — The U.S. Government, through the U. S. Agency for International Development (USAID), together with Madagascar's Ministry of Public Health has officially launched the **Accessible Continuum of Care and Essential Services Sustained (ACCESS)** Activity —a five-year, $90-million health program that aims to improve and expand health services for the Malagasy people.

The ACCESS program will increase the availability of quality health services, improve health infrastructure, strengthen the capacity of the Malagasy health system, and promote healthy behaviors among Malagasy communities. Management Sciences for Health (MSH), a U.S.-based nonprofit global health organization with a long history of work in Madagascar, is leading the activity, with the support of several local and international partner organizations.

In his remarks, U.S. Ambassador to the Republic of Madagascar, Michael Pelletier, emphasized that, "The ACCESS health program is the largest health project the United States has ever funded in Madagascar, and continues the strong partnership between our two countries. Together, we will save lives, empower communities, and promote sustainable solutions."

Nearly 16 million people will benefit from the ACCESS program, which will conduct activities in 10 regions (Atsinanana, Vatovavy Fitovinany, Atsimo Andrefana, Menabe, Melaky, Boeny, Sofia, Diana, Sava and Analanjirofo) to achieve three main objectives:

1) Quality health services are sustainably available and accessible to all Malagasy communes in the targeted regions,

2) Health systems function effectively to support quality health service delivery, and

3) The Malagasy people sustainably adopt healthy behaviors and social norms.

The ACCESS program will provide family planning and reproductive health services in the regions of Vakinakaratra, Amoron'i Mania, and Haute Matsiatra.

Through the ACCESS program, the U.S. Government will support the Government of Madagascar to accelerate sustainable health impacts for the Malagasy people and strengthen the Ministry of Public Health's stewardship of the health sector, contributing to Madagascar's development journey.

**About USAID Madagascar**

The United States Agency for International Development (USAID) is the U.S. Government's preeminent foreign assistance agency. USAID Madagascar officially opened its field office in September of 1984. In 2018, the U.S. Agency for International Development (USAID) provided approximately $80 million in development assistance plus $24.5 million in emergency assistance to the Malagasy people, with programs that include investments in health, food security, environment, and governance programs. For more information on USAID Madagascar and our projects, visit www.usaid.gov/madagascar.

# # #

Embassy of the United States
ANTANANARIVO

USAID FROM THE AMERICAN PEOPLE

**PRESS RELEASE** **08 Avril 2019**

## Le gouvernement américain lance le plus important projet sanitaire qu'il a jamais entrepris à Madagascar

*Le programme de santé ACCESS, d'une durée de cinq ans, améliorera les services de santé offerts à près de 16 millions de Malagasy*

**ANTANANARIVO** : Le gouvernement des États-Unis, par l'intermédiaire de l'Agence des États-Unis pour le Développement International (USAID), conjointement avec le Ministère de la Santé Publique de Madagascar, ont officiellement lancé le projet *Accessible Continuum of Care and Essential Services Sustained* (ACCESS), un programme de santé d'une durée de cinq ans financé par l'USAID à hauteur de 90 millions $ qui vise l'amélioration et le développement des services de santé offerts à la population malagasy.

Le programme ACCESS augmentera la disponibilité de services de santé de qualité, améliorera les infrastructures de santé, renforcera les capacités du système de santé malagasy et promouvra des comportements sains au sein des communautés malagasy. Management Sciences for Health (MSH), une organisation sanitaire à but non lucratif et à ramification mondiale basée aux États-Unis et qui travaille depuis longtemps à Madagascar, est le chef de file du projet, soutenue en cela par plusieurs organisations partenaires locales et internationales.

Dans son allocution, l'Ambassadeur des États-Unis auprès de la République de Madagascar, Michael P. Pelletier, a déclaré : « Le programme ACCESS est le plus grand projet de santé bilatéral jamais financé par les Etats-Unis à Madagascar, et renforce le partenariat étroit qui lie les deux pays. Ensemble, les États-Unis et Madagascar vont sauver des vies, autonomiser les communautés et promouvoir des solutions durables. »

Près de 16 millions de personnes bénéficieront du programme ACCESS, qui interviendra dans 10 régions de Madagascar (Atsinanana, Vatovavy Fitovinany, Atsimo Andrefana, Menabe, Melaky, Boeny, Sofia, Diana, Sava et Analanjirofo) pour atteindre trois objectifs principaux, à savoir :

1) des services de santé de qualité sont disponibles de manière durable et sont accessibles à toutes les communes des régions ciblées,

2) les systèmes de santé fonctionnent efficacement pour soutenir la fourniture de services de santé de qualité, et

3) les Malagasy adoptent de manière durable des comportements et des normes sociales sains.

Le programme ACCESS fournira des services de planification familiale et de santé reproductive dans les régions de Vakinakaratra, Amoron'i Mania, et Haute Matsiatra.

A travers son programme ACCESS, le gouvernement américain aidera l'Etat Malagasy à accélérer des impacts sanitaires durables pour la population malagasy et à renforcer la gestion du secteur santé par le Ministère de la Santé Publique, contribuant ainsi à la marche de Madagascar vers le développement.

**À propos de l'USAID Madagascar**

L'Agence des Etats-Unis pour le Développement International (USAID) est la plus importante agence d'aide à l'étranger du gouvernement des États-Unis. L'USAID Madagascar a officiellement ouvert ses portes en septembre 1984. En 2018, l'USAID a fourni environ 80 millions $ au titre de l'aide au développement, ainsi que 24,5 millions d'aide d'urgence à a population malagasy, à travers des programmes d'investissements dans la santé, la sécurité alimentaire, l'environnement et des programmes de gouvernance. Pour plus d'informations sur l'USAID Madagascar et ses projets, visitez le site www.usaid.gov/madagascar.

# # #